# 14 NY DINGANA AMIN'NY FAMADIHANA

## TANJONA

Mamantatra ireo dingana arahina amin'ny famadihana.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Misy dingana arahina amin'ny famadihana. Herintaona mialoha dia efa miroso amin'ny fivoriam-pianakaviana ho fiheverana ny atao rehetra. Ny atao mialoha ny zavatra rehetra dia ny mijery mpanandro mba hamaritana ny andro hanatanterahana ny famadihana. Manaraka izany ny fanomanana sy ny fividianana ny fitaovana rehetra ilaina amin'izany. Ny filazana ny mpiara_monina ihany koa dia atao vaindohan-draharaha satria mikendry ny fanamafisana ny fihavanana ny famadihana.

Ny fanatanterahana ny famadihana indray dia miompana amin'ny famonosana lamba ny taolam-balo, ny fampisakafoanana ary ny lanonana be iarahan'ny mpianakavy sy ny mpiara-monina.

## Sahanasa 1

1-Inona avy ireo dingana arahina rehefa hanatanteraka fomba?

2-Inona avy ny fitaovana tokony homanina raha hanao famadihana ?

3-Inona no ataon'ny fianakaviana ho fanomanana ny famadihana ?

## Sahanasa 2

1-Inona no atao iray andro mialoha ny famadiahana?

2-Inona avy ny ataon'ny tompon-danonana rehefa tonga ny andron'ny famadihana?

3-Inona avy ny ataon'ny mpanotrona rehefa amin'ny andron'ny famadihana?

## Sahanasa 3

1-Inona avy ny lafy tsaran'ny famadihana?

2-Inona avy ny vokatra ratsy ateraky ny famadihana?